

TENY FAMPIDIRANA :

Hanavao ny diakona ao aminy ny tafo maro eto amin'ny FPMA amin'izao fiandohan'ny taona 2015 izao. Koa tsara ny handraisantsika lesona fampahafantarana momba ny diakona ho fiomanantsika amin'izany.

Resaka asa fanompoana no ho resahina eto kanefa ny teny ao amin'ny Lio. 22, 27, tapany farany (« Fa Izaho dia eo aminareo toy izay manompo »), dia manambara amintsika fa tsy isika no tena manompo fa i Jesosy Tompo mihitsy no manompo antsika.

Raha ny tantaran'ny fiangonana no jerena dia hita fa nivoatra be izany tantaran'ny fiangonana izany hatrany am-piandohana :

- Nisy ireo 12 lahy apôstôlin'i Jesosy (nosoloina an'i Matthias i Jodasy Iskariota tao aorian'ny namadihan'i Jodasy an'i Jesosy),
- Araka ny Asa. 6, 1-6 ireo apôstôly 12 lahy dia nanasa ny fiangonana hifidy 7 lahy hikarakara ny mpananotena. Izy 12 lahy izany (apôstôly) no miandraikitra ny diakonian'ny Teny fa ireto 7 lahy ireto (diakona) no misahana ny diakonian'ny Latabatra (administration + matériels).

Kanefa, na dia ny momba ireto diakona ireto koa aza dia nisy fivoarana be. Tao ny lasa :

- mpitory ny Filazantsara toa an-dry Stefana sy Filipo (réf),
- mpampianatra (Asa. 14, 23),
- mpaminany toa an'i
- nisy koa aza vehivavy, toa an-dry Dorkasy (Asa. 9, 36), Foiby (Rom. 16, 1), Eody sy Syntyke (Fil. 4, 2).

A. FAMARITANA :

1. Voambolana :

Araka ny hita ao amin'ny Matio 20, 26-27 dia samy hafa ny fanompoan'ny mpanompo sy ny fanompoan'ny andevo :

Matio 20, 26

διακονια

serviteur

mpanompo

Matio 20, 27

δουλος

esclave

andevo

διακονια (diakonia) no ilazana ny fanompoan'ny mpanompo ary δουλος (doulos) kosa no anambarana ny fanompoan'ny andevo. Na ny teny hoe « mpanompo » sy « andevo » fotsiny aza dia ahazoantsika hamaritana an-tsaina sahady ny fahasamihafan'izany karazam-panompoana roa izany.

2. Asa. 6, 1-6 :

Miresaka fifidianana ny Asa. 6, 1-6 (vakiana). Ny hoe **fifidianana** dia milaza ny amin'ny fiantsoan'Andriamanitra manokana na fifidianana nataon'ny fiangonana na nataon'ny apôstôly. Roa ny critères tena nifidianana azy ireo : ny finoany sy ny toe-piainana mendrika nananany. Kanefa dia ny vavaka ihany no hahazoana mamantatra izay fifidianan'Andriamanitra ny olona (Lio. 6, 12-13).

3. Ny fampianaran'i Paoly ao amin'ny 1 Tim. 3, 8-10 :

Manana anjara amin'ity fampianaran'i Paoly ity ny diakona. Izy ireo dia olona ilaina ho mahonon-tena sy miaina amin'ny finoana.

Ireo fampianarana nataon'i Paoly ho an'ny « mpitandrina » koa anefa (and. 1-7) dia tena azon'ny diakona hampiarina mihitsy eo amin'ny fiainany.

4. Inona àry ny diakona ? :

Ny fisian'ny diakona dia valin-tenin'Andriamanitra amin'izay ilain'ny fiangonana eo an-toerana, toy ireo talenta ara-panahy. Ny zava-kendreny dia ny hiorenan'ny fiangonana ara-pinoana, ny hitomboany ary ny hahafahan'ny kristiana hihaona amin'Andriamanitra.

B. FIANTSOANA SY FANOLORAN-TENA :

1. Ny fiantsoana (vocation) :

Ny Tompo Andriamanitra no miantso, mifidy, manendry, maniraka ary manome fahefana ny olona amin'ny anjara fanompoana (Jer. 1, 4-10). Ka amin'izany, ny fiantsoan'Andriamanitra dia mety hiseho amin'ny fiantsoan'ny Fanahy Masina na koa amin'ny fifidianan'ny fiangonana.

Misy karazany roa ny fiantsoana (vocare = καλεω = appeler = miantso) :

- ny fiantsoana tsotra (vocation ordinaire) izay iantsoan'Andriamanitra ny olona rehetra hibe-baka (io ny asan'ny fiangonana),
- ny fiantsoana manokana (vocation particulière) izay iantsoan'Andriamanitra ny olona amin'ny asa fanompoana.

Ny olona nandray vocation particulière dia mila mandinika tsara (discernement) aloha vao mandray fanapahan-kevitra (décision). Raha izay, dia ho tsy fahatairana am-boalohany ihany fotsiny ny fanoloran-tenany fa tena ho fiainany.

2. Ny fanoloran-tena :

Ny fanoloran-tena dia vokatin'ny fanapahan-kevitra hamaly ny antson'Andriamanitra. Olona resy lahatrin'ny Fitiavan'Andriamanitra no hany afaka manao izany. Olona afaka koa izy satria manao safidy.

Ny olona manolo-tena dia **manolotra ny tenany sy izay momba azy rehetra ary ny fiainany manontolo ho an'Andriamanitra**. Anisan'ny atolony koa ny momba ny volany sy ny fotoanany. Manaiky ho an'Andriamanitra izy fa tsy an'ny tenany intsony, Andriamanitra no Tompony fa tsy izy intsony.

Fanoloran-tena ho an'Andriamanitra no atao fa tsy fanoloran-tena ho amin'ny anjara fanompoana. Izany hoe Manolo-tena ho an'Andriamanitra fa tsy hoe manolo-tena ho diakona. Satria ny fanoloran-tena aloha vao ny anjara fanompoana.

Fehiny, mitaky fankatoavana sy fanekena ny sitrapon'Andriamanitra isan'andro ny fanoloran-tena ary mila havaozina mandrakariva koa (Rom. 6, 13b sy 2 Tim. 2, 15).

3. Ireo fanekena fito ataon'ny diakona :

Ireto ny fanekena fito ataon'ny diakona, izay ekeny eo anatrehan'Andriamanitra sy ny fiangonana :

- hazoto hivavaka sy hamaky sy hianatra ary hiaina ary hizara ny Tenin'Andriamanitra,
- hafana fo amin'ny fandresen-dahatra amin'ny tenin'ny finoana. Tsy hivoana amin'ny fitafy manaitra, tsy mahamendrika,
- naman'ny pasteur = mivavaka ho azy sady miara-miasa aminy :
 - ❖ eo amin'ny fiandrasana ny ondrin'Andriamanitra :
 - ✓ famangiana marary,
 - ✓ famangiana tokan-trano,
 - ✓ fampanraisana ny Fanasan'ny Tompo (ho an'ireo marary ohatra),
 - ❖ eo amin'ny filaminan'ny fiangonana :
 - ✓ mandray ny kristiana tonga hivavaka,
 - ✓ miahy ny filaminana,
 - ✓ mitandro ny tsy hisian'ny fanelingelenana,
- handray anjara amin'ny fivoriana rehetra araka izay azo atao :
 - ❖ mamonjy ny fivoriana rehetra,
 - ❖ manaja ny hevitra tapakin'ny maro :
 - ✓ na nanatrika ny fivoriana izy na tsia,
 - ✓ na lany ny heviny na tsia,
- hanao izay azo atao amin'ny adidy rehetra ao amin'ny fiangonana,
- hitaiza ny kristiana handray anjara sy havitrika amin'ny asa iombonana (faritany, nasionaly),
- hazoto amin'ny fanompoana an'Andriamanitra eo amin'ny ankohonany.

4. Ny asan'ny diakona :

Matetika dia ireto no hita amin'ny asa fanaon'ny diakona eo amin'ny fiangonana :

- mandray ny mpino tonga hivavaka,
- mikarakara sy mikojakoja ny fitaovam-piangonana,
- manomana ny trano sy ny fitaovam-piangonana,
- manampy ny pasteur (ao amin'ny fiangonana, eo amin'ny famangiana),
- manao ny asa fisoratana rehetra,
- manomana sy mandray anjara amin'ny fivoriana,
- miandraikitra ny ara-bola,
- manome sy/na mizara fanampiana,
- asa misiona,
- mikarakara ny ankizy sy ny tanora,
- miandraikitra ny fifandraisana amin'ny any ivelany,
- mampitohy ny fiangonana amin'ny raharaha iombonana,
- mitory ny Filazantsara.

D. NY TOETRIN'NY DIAKONA :

1. Toetra :

- olona mandini-tena mandrakariva (1 Jao. 3, 18),
- olona manaisotra isan'andro ireo sakana isan-karazany (Asa. 20, 28),
- haseho manko ny asan'ny diakona (1 Kor. 3, 13b) ary hotsaraina amin'izany izy,
- olona mankafy ny Tenin'Andriamanitra sady tia vavaka,
- olona feno fahatokisana an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra,
- olona manaiky ny fitondran'Andriamanitra,
- vavolombelon'ny Fitiavan'Andriamanitra ny olona amin'ny asany no sady mitory ny Filazantara amin'ny teniny.

2. Famporisihana :

Atao maimaim-poana ny anjara fanompoana, izany koa no atao amin'ny asa fanompoan'ny diakona. Ny fiainam-bavaka sy ny finoana no mamelonna azy. Ny kendreny dia ny hahafahan'ny olona mihaona amin'Andriamanitra.

Ka izao no famporisihana :

- mivavaha mandrakariva ary mifankazara amin'ny Tenin'Andriamanitra,
- alamino tsara ny fotoananao rehetra mba hahatonga anao ho disponible ho an'Andriamanitra sy ho à la disposition-n'Andriamanitra (1 Tim. 3, 8-9),
- aza lany andro mifanjàna : ny anao sy ny Tompo Jesosy no jereo,
- mandiniha tena ka mibebaha amin'ny ratsy niainana,
- miezaha miaina amin'ny finoana,
- mivavaha ho an'izay manenjika anareo.

FAMARANANA :

Ny asa fanompoan'ny fiangonana dia ny mitory ny Filazantsara sy mijoro ho vavolombelon'ny fitiavan'i Jesosy ny olona tsirairay amin'ny alalan'ny asa. Manana anjara amin'izany ny mpino rehetra. Fa ny anjara fanompoana **ao amin'ny** fiangonana no noresahina teto.

Ny diakona dia olon'ny finoana ary manaiky tanteraka ny fiasan'ny Fanahy Masina.

Afaka miandrindra fanampiana sy fiaraha-miasa avy amin'ny fiangonana manontolo ny diakona satria asa fanompoana ao amin'ny fiangonana no ataony.

Farany, ry havana, « Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an' Andriamanitra] ; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotompanahy ; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo, Ary ianareo izay mbola tanora fanahy kosa, dia maneke ny loholona. Eny, samia misikina fanetren-tena ianareo ka mifanompoa ; fa "Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena" [Oha. 3.34]. Koa amin'izany manetreny tena ambanin'ny tàna-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin' ny fotoan' andro ; ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra ; fa Izy no miahy anareo (Sal. 55.22) » (1 Pet. 5, 2-7).

« Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo. Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amen ! » (1 Pet. 5, 10-11).